


O ry zareo a ! Izany henatra sy fahafaham-baraka izany aloha dia tsy misy dikany amin'ireo mpiasa-tsika nampindramina fahefana ireo. Lanilany fahatany fotsiny ny volam-bahoaka ary tsy azo soloina intsony. Atsy amin'ny « *Canal de Mozambique* » anefa manana harem-be tsy toko tsy foroina isika Malagasy, fa dia avela anjakazakan'ny vazaha fotsiny ihany. Fa dia tena dondrona mihitsy ve isika vahoala malagasy e ? Misy fetrany anie ny eto an-tany e !







www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate


www.madagate.org



www.madagate.org











ANKARIHARY SY FANAIRANA LOZA MIHATRA HO AN'NY FOLOALINDAHY MALAGASY

Tena adala tokoa ve ny Malagasy ka tsy afaka mandalina ny teti-panorona ataon'ny frantsay ahazoany manohy ny fanjanahana ataony?
Rehefa nojerena tsara dia olona efa vy fanga amin'ny fanakorontanana any amin'ny tany voazanaky ny frantsay rehetra no tonga eto amintsika na diaefa tsy masoivoho intsony aza.
Olona telo no masoivohon'ny frantsay amin'izao fotoana izao, midika mazava izany fa fiketrehana korontana no ataony, mba ahazoany mametraka indray olona tsy misy antony sady tsy misy hazon-damosina no mpivarotra Tanindrazana no tiany hapetraka eo amin'ny fitondrana indray, ka mora ny hanjakany amin'ny harem-pirenentsika, amin'ny endriny toa ara-dalàna.
Nataony avokoa ny tetika maloto rehetra hanoloana ny filoha, izay izy ihany no nametraka azy, saingy tsy mahafehy ny paikady tiany ho tanterahina.
Manangana korontana hazahoany manao fanonganam-panjakana vaovao indray ny frantsay, satria mihevitra fa, eo am-pelatanany avokoa ny fifehezana ny hery rehetra eto amin'ny tany sy ny fanjakana Malagasy, indrindra moa ireo vondron'olona manao fanamiana, mitam-piadiana.
Tsy milaza mihitsy aho hoe miaramila na tafika, satria tsy izahay irery no mihevitra sy mahita ny fahamarinan'izany.
Nanamafy izany zava-marina izany ny Rosianina, izay manambara fa : « mila fiofanana daholo ny any an-tampony ka hatraty ambany indrindra mba ho tena miaramila, ary homeny fitaovam-piadiana mba ho tena Tafika afa-mijoro. »
Mahamenatra no sady mampalahelo, satria zanaka Malagasy ianareo, anefa ataon'ny frantsay fitaovana ary napetrany amin'ny toerana tsy maha-miaramila intsony, fa ny « Légionnaire » aza misy hasiny.
Efa nandalo teto avokoa ireo vahiny ireo, ka mitady hamadika anareo ho fitaovana hitadiavany ny tombontsoany, dia mody manambitamby amin'ny fitaovana sy ny fampiofanana, izay tsy hanananareo tokoa ankehitriny. Very hasina tokoa ny firenena satria tsy misy izany "tandroka aron'ny vozona" izany. Tsy manana Tafika hiaro ny fananany sy ny zo tokony hananany ato anatin'ny fireneny aza ny Malagasy.
Tsy hoe tsy afa-mihetsika isika tsy akory, fa ny finiavanareo sy ny fahavononana hiala tsy hanohana fitondrana apetraky ny vahiny sy ny miasa ho azy no zava-dehibe handrasana aminareo.
Manana ny enti-manana sy ny fahaiza-manao isika hananganana ny tena Tafika Malagasy Mendrika sy Matanjaka sy Mpitandro ny Filaminana Anatiny mahafehy tsara ny zava-misy, mba tsy ho henatra fa ho voninahitra fiaron'ny Fiandrianam-pirenena.
Raha manana hasina ianareo, dia tsy ho sahy miantsy ady toa ireny ny frantsay, izay efa fomba fanaony tato ho ato. Raha izao no mitohy, dia tsy maintsy hifampitifitra ianareo, noho ny tombotsoam-bahiny samihafa izay harovanareo avy.
Ny Firenena ho potika sy ho lasan'ny vahiny ; hifandrotehan'ny vahiny maro ny harena, ary ianareo hifamono ka ho ripaka, ary ny ny vahoaka ho faty sy ho lasa andevo eto amin'ny taniny.
Ny olontiana no hanarina, ary ny olonkendry no toroana, miraisahina, raiso ny andraikitra dieny mbola tsy tara loatra.

Ho an'ny Tanindrazana. www.madagate.org







[illegible]












**Sary : Haja Randria**

**Jeannot Ramambazafy- 2 Novambra 2015**